Ethanol handrahoana sakafo

# Tsy ho takatry ny sarambabem-bahoaka ny vidiny 7


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 12 marsa 2019 Laharana 885 Vidiny : 400 Ar


**Jaona 14: 12** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 118), Madagasikara 11 martsa 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Hanatitra dosie 2

# Kandidà depiote nisy naka an-keriny



### Fifidianana depiote 3

# Distrika maro mbola tsy misy kandidà



### KANDIDA BORIBORITANY FAHA-4 2

## Kolonely Ramboasalama sy Landry no mitarika ny lisitra TIM.K25



### Kandidà TIM.K25 Atsimondrano 2

## Ben'ny tanàna 23/26 no manohana azy ireo

### TIM.K25 Ambohimanarina 3

## Vonona handrombaka depiote roa

### Boriboritany faha-5 2

## Fetra sy i Naina (Chief) no kandidan'ny TIM.K25

### Daka kely

Hangataka S any amin'ny Maorisianina izany ialahy ry Boaikely a !

### Boriboritany faha-2 3

## Vonona hanohy ny andraikitra maha depiote, Rastany



KANDIDÀ TIM.K25 ATSIMONDRANO

## Ben'ny tanàna 23/26 no manohana azy ireo

Natolotra sy naseho ho fantatry ny mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM) sy ny K25, tao Antanimenakely Ampitatafika, ny kandidan'ny vondrona TIM.K25 ao Atsimondrano, Alain Ratsimbazafy ben'ny tanànan'Ambohijanaka, ny lisitra faha-2 Herilanjarison Charles, izay anisan'ny mpanentana ny antoko TIM, sy ireo mpiray lisitra amin'izy ireo ny sabotsy lasa teo. Fotoambavaka lehibe no nanombohana ny fotoana teo an-toerana nitondrana am-bavaka sy nisaorana an'Andriamanitra amin'ireo asa izay miandry dia ny fifidianana ho avy io. Tonga maro be ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara sy ireo ray amandreny ary ireo ben'ny tanàna ao amin'ity distrikan'Atsimondrano ity, izay naneho fahavononana hanohana ny kandida Alain Ratsimbazafy, nahazo tsodrano tamin'ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana. Vonona hanefa ny adidy napetraky ny filoha Marc Ravalomanana sy ny vahoaka aho hoy ny kandida Alain Ratsimbazafy noho ny fahatokisana napetrany tamiko. Anisan'ny mampiavaka ity farany dia ny fananany traikefa manokana, satria efa 12 taona izy no ben'ny tanànan'Ambohijanaka Atsimondrano. Ankoatra izay, tsy mbola nivadika tamin'ny antoko TIM ny tenany, fa nijanona ho mpikambana foana. Fantatra tamin'izany fa ben'ny tanàna 23 amin'ny 26 ao Atsimondrano no manohana ny lisitra TIM.K25 ao amin'ity distrika ity. Anisan'ny asa goavana ho tontosainy raha vao lany izy araka ny nambarany dia ny hanatsara ny fifandraisana eo amin'ny olomboafidy sy ireo ben'ny tanàna. Izany hoy izy no hita lesoka hatramin'izay, nefa tokony hifanome tanana hatrany ny ben'ny tanàna sy ny solombavambahoaka, indrindra amin'ny fitadiavana mpiara-miombon'antoka ho tombontsoan'ny vahoaka nifidy.

***Helisoa***

Kandida depiote Boriboritany faha-4

## Kolonely Ramboasalama sy Landry no mitarika ny lisitra TIM.K25

Tafapetraka ny faran'ny herinandro teo ny antontan-taratasy firotsahankofidian'ny kandida depiote avy amin'ny vondrona TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra. Mitarika izany lisitra izany kolonely Emilien Ramboasalama, faha-2 ao amin'ny lisitra Andriamatoa Landry, izay lehiben'ny tsena ao Anosibe, miaraka amin'ny mpisolo toerana 2 izany lisitra izany. Lisitra avy amin'ny vondrona TIM.K25, izay efa nahazo tsodrano avy amin'ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana. Ny sabotsy teo no namapahantarina ireo mpikatroka avy amin'ny vondrona TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-4, teny Namontana, ireto kandidà depiote ireto. Nohamafisin'ny kandidà loha-lisitra, kolonely Emilien Ramboasalama tamin'izany, fa ny lisitra izay tarihany no hany avy amin'ny vondrona TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-4, nahazo ny tso-dranon'ny mpitarika nasionalin'ity vondrona antoko ity, Marc Ravalomanana. Na izany aza hoy izy, ho kandidà solombavambahoaka vonona hihaino, hampiray, hamaha ny olan'ny mponina ary tsy manavakavaka izy ireo. Ka miantso hatrany ny rehetra hanatevina azy satria solombavambahoaka roa no tanjona ho azon'ny TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-4. Ankoatra izany, vonona izy ireo hanatratra ny tanjona maha-mpitondra tenin'ny vahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena, ka hidina ifotony hamaha sy hanamaivana ny olanam-piainana andavanandron'ny mponina rehetra ao amin'ny Boriboritany faha-4.

***Isambilo***

Boriboritany faha 5

## Fetra sy i Naina (Chief) no kandidan'ny TIM.K25



Tontosa ny sabotsy teo teny amin'ny OVEC Nanisana, ny fametrahana ny antotan-taratasy firotsahan-kofidian'ireo kandida, hitondra ny fanevan'ny vondrona TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha 5 , izay Fetra Ralambozafimbololona no mitarika ny lohalisitra ary Ramboarivelo Andrianantenaina Jocelyn Willy na i Naina (Chief) no faharoa. Vonona ny TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha5 hibata ny fandresena, efa ela hoy izy ireo no nanomanana izao, ka ny tanjona hoy ny kandida Fetra Ralambozafimbololona dia ho vondrona TIM. K25 avokoa ny toerana roa depiote ao amin'ny boriboritany faha 5. Miantso ny fitondràna faobe ny kandida laharana faharoa mba ho mangarahara sy handeha araka ny fahitsiana ny fifidianana ho avy io .

***Helisoa***

Delegasionan'ny Rotary Iraisam-pirenena

## Nitsidika ny filohan'ny Antenimierandoholona

Nanatanteraka fitsidihana ara-pomba fifanajana ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao, ireo delegasiona avy amin'ny Rotary Iraisam-pirenena, izay notarihin'Andriamatoa Barry Rassin filohany ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny Lapa maitso Anosy. Nanotrona ity filoha iraisampirenena ity Ramatoa Shelly Oukabay, izay mitarika ny Rotary eto Madagasikara amin'izao fotoana izao, teo ihany koa Andriamatoa Ravelonarivo Jean, Governora teo aloha, sy Andriamatoa Mohamed Babou, Governora teo aloha, ho an'ny Nosy Maorisy ary mpikambana vitsivitsy. Fantatra nandritra io fotoana io fa nisy ny asa soa nataon'ny Fikambanana tany Antsirabe teo amin'ny lafiny ara-pahasalamana ary izay indrindra no nahatongavan'ny Filoha iraisam-pirenena hanao ny tomban'ezaka. Nanambara ary Andriamatoa Barry Rassin fa afa-po tanteraka tamin'ny fandalovany teto Madagasikara ary nolazainy ihany koa fa izy dia avy any Bahamas, ka amin'ny maha samy nosy ny tany roa tonta dia tokony hisy ny fifanatonana amin'ny alalan'ny asa soa.



*Ireo delegasiona avy amin'ny Rotary Iraisam-pirenena tetsy Anosikely.*

Nifantoka tamin'ny fanamafisana ny fiarahamiasa misy eo amin'i Madagasikara sy i Inde eo amin'ny lafina ara-pahasalamana indray kosa ny votoatin'ny resaka nataon'ny solontena Indiana, izay nanatrika ny fihaonana. Izy dia nanasa dokotera Malagasy hanaraka fiofanana any Inde mba ho fanamafisana traik'efa. Raha nandray fitenenana ny Filohan'ny Antenimierandoholona, izay mpikambana ao amin'ny Rotary ihany koa, dia nankasitraka tanteraka ny fitsidihana nataon'izy ireo ary manantena ny hitohizan'izany asa izany eto amitsika.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Rano vaky mambotry firenena, mampahory vahoaka

Efa andro maromaro izay no nisian'ny rano vaky etsy Ambohijatovo ambony, eo amin'ny Terminus ny taxibe mihazo an'Ambohimanambola sy Alasora iny. Tsy rano kely fa dia rano mijininika be toy ireny fantson'ny Jirama lehibe ireny raha ny fahitana ny fisosan'ny rano mivoaka sy mandeha eo. Angamba tsy mba misy mpiasan'ny Jirama mandeha mihitsy iny lalana miakatra an'Ambohijatovo iny fa dia rano very sy volambahoaka ariana fotsiny no misy. Ny nahita dia nilaza fa vokatry ny fitokonan'ny sendikan'ny mpiasan'ny Jirama no mahatonga izao, satria tsy misy intsony ny mpiasa manao ny hamehana noho ny olana ara-pitantanana ao amin'ity orinasa misahana sehatry ny angôvo ity. Ny mpanjifa rano rehetra anefa raha sendra ka tara ny fandoavam-bola dia tsy maintsy tapaka avy hatrany. Kinga mihitsy ny ao amin'ny orinasa Jirama manapaka izany ary tsy misy ihany koa indra fo. Mampieritreritra ihany koa, hoy ireo mahita fa angamba mifanindran-dalana amin'ny fitakian'ny mpiasan'ny Jirama io rano vaky io, ka samy tsy te hahalala fa tsy vola avy any ampaosy mivantana no mivoaka. Na izany na tsy izany dia tokony ho raisina haingana ny andraikitra avy amin'ny Jirama fa ny zavatra tahaka izao no mambotry ny firenena sy mampahory ny vahoaka. Izao rano very fotsiny izao dia tsy maintsy ny mpanjifa ihany no hameno ny banga tokony ho fenoina avy eo. Ny faritra atsimo aza efa tsy fidiny ny tsy fahampian'ny rano fisotro, ny antsika eto dia ariana fotsiny. Mba eritrereto ihany re ry Jirama ary isaorana sahady ny fandraisanareo andraikitra hanamboarana io rano vaky io haingana dia haingana.

***Rajaonarimpanontsana***

Tsaratanàna

## Nisy naka an-keriny, kandidà hanatitra dosie

Manjaka ny tsy fandriampahalemana amin'ny alalan'ny fakana an-keriny olona amin'izao fotoana, any amin'ny distrikan'i Tsaratanàna faritra Betsiboka. Kandidà hirotsaka hofidiana hanatitra dosie any amin'ny OVEC indray no nisy naka an-keriny ny alahady hariva lasa teo. Mahavalalanina ny zava-misy any an-toerana, ny eo tsy votsotra, ny hafa nisy naka an-keriny. Lasibatry ny mpaka ankeriny ny lehiben'ny DREN Betsiboka teo aloha, ary talen'ny kolontsaina sy asa tanana, Andriamatoa Bonzo, izay kandidan'ny vovonana « Isiraka rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina » any Tsaratanana, amin'ny fifidianana solombavambahoaka hatao amin'ny 27 mey 2019 izao. Tany amin'ny 14 km tsy hahatongavana an'i Tsaratanana, simba ny moto nentiny, tsy nijanona teo anefa izy fa nikiry nandeha an-tongotra. Ny tany tsy milamina, ka tany amin'ny 8 km tsy hidirana ny tanànan'i Tsaratanàna izy no nisy naka an-keriny izao, tokony ho tamin'ny 8 ora alina tany ho any. Lasan'ireo jiolahy hatramin'ny dosie saika hateriny tany amin'ny OVEC. Manara-dia ireo mpaka ankeriny amin'izao fotoana ireo fokonolona avy amin'ny tanànan'I Bekapaika, Befanoro, Manjarisoa ary Androfia any amin'iny faritra iny, manaradia miaraka amin'izy ireo ny mpitandro filaminana zandary sy polisy any an-toerana. Ankoatra izany, zazakely 6 taona no mbola eo ampelan-tanan'ny mpaka an-keriny efa herinandro izao, nataon'izy ireo takalonaina any amin'ity distrika ity. Ny iray maty notifirin'ireo mpaka ankeriny, ny roa tafatsoaka ary io zazakely io no mbola tavela any amin'izao. Manao fitsongoana dia hanavotana azy ny mpitandro ny filaminana ankehitriny.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# OVEC manerana ny Nosy, distrika am-polony maro no mbola tsy misy kandidà depiote

Tsy marisika amin'ny fifidianana depiote ho avy ve ireo kandidà depiote manerana ny Nosy, sa farany izy ireo vao hirohotra hanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana? Izany amin'izao fotoana no fanontaniana apetraky ny maro amin'ny fametrahana dosie, ho an'ireo rehetra liana hifaninana amin'ny hazakazaka ho eny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza. Hatramin'ny omaly hariva nanoratana izao gazety izao mantsy, am-polony maro, na teo amin'ny 50 teo, ireo distrika mbola tsy nisy kandidà depiote tany amin'ny OVEC tany amin'izy ireo, amin'ireo distrika 119 mandrafitra an'i Madagasikara. Antony maromaro no mety mahatonga an'izany, raha ny tena sitrapon'ireo hirotsaka hofidiana dia hatolotry ny antoko izy ireo, na ny miaradia amin'ny fitondrana Andry Rajoelina izany, na miara-dia amin'ny TIM.K25 tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana, satria ireo aloha no vondrona antoko politika sy fikambanana heverina fa manana ny maro an'isa hatramin'izao eto amin'ny firenena. Sarotra anefa ny fidirana ho kandidà amin'ireo vondrona roa lehibe ireo, tonga amin'ny fitenenana hoe: maro no tonga, fa vitsy ihany no ho voaantso na ho voaray. Eo no olana amin'ny mpanao politika te-hirotsaka, satria tsy maintsy hianto-tena izany raha hirotsaka tsy amin'ireo vondrona roa lehibe ireo, ny anto-bola anefa ambony ihany, manginy fotsiny avy eo ny vola tsy maintsy hanaovana propagandy, ka sao ho very vola fotsiny eo. Eo koa ny tarazo noho ny resaka hala-bato tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ireny, mbola ao an-tsain'ny rehetra izany, ka sao dia ny manam-bola ihany indray tokoa no ho lany depiote eo, fa tsy ny tena safidim-bahoaka. Anio tolakandro vao hifarana ny fanaterana ny dosie ho an'ireo kandidà depiote, ka ho hita eo ihany ny ho fivoaran'ny isa.

***Isambilo***

TIM.K25 AMBOHIMANARINA

## Vonona handrombaka depiote roa

Vory lanona ny sabotsy teo, tao amin'ny Espace Sansas Ambodihady Ambohimanarina, ny vondron'antoko Tiako i Madagasikara K25 na ny TIM.K25, ao amin'ny boriborintany faha 6, nandritra ny fifampiarahabàna tratry ny taona sy fankasitrahana ireto farany tamin'ny ezaka efa vita, sy ny amin'ny dingana manaraka izay mbola hatrehina. Maro ireo namaly ny antso nataon'ny DISTIM tamin' izany, izay efa manodidina ny 2400 ireo olona tonga, ka hita tao anatin'izany ireo mpikatroka TIM nafana fo hatramin'izay, niampy ireo fikambanana maro tia an' Ambohimanarina sy Antehiroka 'enin-dray, enindreny, sy ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny K25. Nanome voninitra ny fotoana ny depiote teo aloha Horace Rasoanoromalala, ny talen'ny fampielezan-kevitry ny K25 Rabenja Tsehenoarisoa, nisolotena ny filoha Marc Ravalomanana, izay niditra an-tarobia mivantana tao antoerana ary ireo biraon' ny DISTIM. Naneho fahavononana amin'ny ady mbola hatrehina ny TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha 6, indrindra amin'ny fifidianana solombavambahoaka ho avy izao, hoy ireo nandray anjara fitenena, ka ny tanjona dia ny hibatàna ny fandresena hahazoan'ny vondrona TIM.K25 toerana 2 amin'ny fifidianana depiote amin'ny 27 mey ho avy io. Taorian'ny fihaonana dia nisy ny fiarahana misakafo tamin'ny alalan'ny nofon-kena mitam-pihavanana teo amin'ireo rehetra tonga tao an-toerana.

***Helisoa***

Boriboritany faha-2

## Vonona hanohy ny andraikitra maha depiote, Rastany

Tafapetraka ny sabotsy lasa teo ny fametrahana ny antotan-taratasy firotsahan-kofidiana nataon' ny kandida ny TIM.K25 ao amin'ny boriborintany faha 2, tarihin'ny lohalisitra Randrianarisoa Stanislas na Rastany, tao amin'ny OVEC Nanisana. Nanotrona azy tamin'izany ireo mpikambana Tiako i Madagasikara sy ireo fikambanana ao amin'ny boriborintany faha 2, ireo mpanolotsaina ny tanàna ao amin'ity boriboritany ity. Vonona ny hanohy ny asa maha solombavambahoaka ny tenako hoy ny depiote teo aloha Stanislas Randrianarisoa. Maro hoy izy ny asa fitsinjovana ny vahoaka natao tao amin' ny boriboritany izay efa nataonay nnadritra ny fotoana naha solombavambahoaka anay. Koa na tsy anjaran'ny depiote aza ny fanamboarana fotodrafitr'asa dia natao izany hoy izy ho tombontsoan'ny vahoaka. Eto dia mankasitraka ny filoha Marc Ravalomanana sy ny mpikatroka TIM nanome ny fitokisana anay izahay hoy izy, koa tsy andrarak'ilo mby an-doha izahay mpiray lisitra rehetra, fa vonona hatrany hitondra ny fanevan'ny antoko Tiako i Madagasikara ato amin'ny boriborintany faha 2, eny manerana an'i Madagasikara mihintsy izany, hoy izy.

***Helisoa***

Amboma Misôma sy ny Royal Pizza

## Tontosa ny lalao ady omby mifahy tao Ambodihady

Tontosa ny alahady teo, tao amin'ny Kianja Carrière Ambodihady, Boriboritany faha-6 ny lalao famaranana baolina kitra, nokarakarain'ny Royal Pizza Ambohimanarina, izay niarahany niasa tamin'ny fikambanana Amboma Misôma, izay miara-dia amin'ny kandidà depiote Todisoa Andriamampandry. Izany fifaninanana izany dia nanolorana omby mifahy sy amboara ho an'ireo nandresy sy ny resy. Ny ekipa avy ao amin'ny Fokontany Ambohimiadana Sud no nandraoka ny omby mifahy ho any antsena, ary ny ekipa avy ao amin'ny Fokontany Antsararay kosa no nilanja moramora ny amboara. Tonga nanolotra ny omby mifahy sy amboara niaraka tamin'ny mpikaraka avy amin'ny Royal Pizza, ny Mpanohana ny Amboma Misôma, Andriamampandry Todisoa Manampy, ary dia manampy tokoa ny tanora sy ny fanatanjahantena eny Ambohimanarina sy ny manodidina ry zareo.

***Lita***



*Todisoa Andriamampandry, mpanohana ny tanora sy ny fanatanjahantena eny Ambohimanarina.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Misy olona tia vola akaiky an'i Dada

**Fernand Cello :** misy olona tia vola ka mamotika ny antoko eo akaikin'ny filoha Marc Ravalomanana.

**Patrick Ramananarivo :** Bjr Mr Cello, ary ts mety NGA Ra Tonga Dia filoha Ravalomanana mints Tonga de resahana.

**Fandresena Finoana Fahendrena :** tonony eto rangah ny anarany Fernand cello ho fanta-poko fanta-pirenena izay olona tia tena sy tia vola ary mpanoro vohana an' i Filoha Ravalomanana ao akaikiny ao izany a!

**Julio Jaonari :** fahalemena zan e.

**Edgar Rakotoarisoa :** mahereza ianao r'namana. Ireo olona akaiky an-dRavalo ireo no tena poizina ho azy sy ny antoko. Ny anay aty MIARINARIVO izao dia fantatra fa Nisy koa ny fizarana vola sy kolikoly isan-karazany. Tsy navela nilatsaka fa nosakanana ny kandida sasany. Olona tsy mendrika sy efa azo antoka fa tsy ho tafita @ fifidianana no Lany t@ fihaonambe. Ho simba ny TIM ary ho rendrika @'zay RAVALO aty Ambany andrefana aty raha izao no mitohy. Ho very fanantenana ny vahoaka aty izay tena mpomba azy hatramin'izao. Poizina be ny sasany amin'ireo olona akaiky an-dRavalo ireo ary efa zava-nisy hatrizay io.

**Michel Joseph :** tena Marina ireo zava-misy tantarainy ireo, ary tsy Tsiroanomandidy ihany fa maro, misy manipulation bé ataon'ny olona akaiky ny Filoha ao ary izay no nakanay fanapahankevitra tsy hirotsaka tamin'ny anaran'ny TIM na dia Zanak'i Dada hatramin'ny tsinay mainty aza.

**Guy Rivo Randrianarisoa :** marina ny anao ary izany no isan'ny antony tsy nilatsahako. Ianao ve miady tamin'ny 2ème tour Fa nisy halabato dia nefa ataonao ilay fomba ratsy ato anaty antoko!

**Celestin Tsiavaliky :** TSARA HO ANAREO TIM.K25 ny hanao Congrès faran'izay malaky ary manorina cellule par District na Région hanao dinika momba ny Candidat harotsaka? Fa ampy ho lesona ny faharesenareo t@n'iny prezidansa iny!

TONONKALO

## Sao hitohy ny gaboraraka ?

Kolikoly no iadiana, kolikoly no hofoanana ?
(Tena tsara aloha ilay hevitra ary mendrika hotohanana!)
Saingy ahoana ny fepetra, inona no fampiharana,
Sao dia resaka matavy tsy hitondra fivoarana ?

Raha naato ny polisy tsy hisakana eny an-dalana,
Ka mitazantazam-potsiny ary tena mihalangalana.
Azo an-tsaina ve ny vokany ary ahoana ny manaraka,
Fa toa efa mihaodihaody ilay atao hoe "gaboraraka"?

Iza izany no hanitsy ka hanao izay hanovana
Ireo "mpamily mafy loha" tsy mety hanaja ny lalàna ?
Sa Baroa no efa miverina, efa izy no manjaka
Ka mitohy ny gaboraraka ary tena omena laka ?

Tena tokony horesena, tokony hiadiana miaraka,
Na ny atao hoe "kolikoly" na ny atao hoe "gaboraraka".
Koa dia raiso ny fepetra, ahoana no ifanarahana,
Sao ny anankiray ho foana fa ny iray hahazo vahana.

***DADAN'i ZINA (11-03-19)***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Angelo R**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fifampiarahabana tratry ny taona ny TIM.K25 Boriborintany faha-6.**









## Sakafo Ny Valosoa



Laoka tsy asiana hena indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Voatavo sauce no atao laoka anio. Tsara raha hasiana voatabia mia-rak aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny hatao mba tsy hampatavy

Ny hatao mba tsy hampatavy na misakafo tsara aza. Izao no hatao, tsy voatery hanao régime foana vao hihena. Azo atao koa ny manamboatra ny fomba fi-sakafoanana mba tsy ahiana hampatavy izy ireny kanefa tsy mifadifady be. Ireto toro-hevitra 5 ireto arahina:

Arindra ny ao an-dovia: ny an-tsasaky ny lovia atao legioma sy voankazo. Ny ¼ kosa no vary na paty na mofo. Ny ¼ farany no proteina avy amin'ny biby na zava-maniry. Asiana legioma sy voankazo foana ny sakafo lehibe. Na dia efa voalaza etsy ambony aza dia tiana hamafisina fa ny voankazo sy legioma no tsara atao foto-tsakafo. Mampidina ny tosi-drà, ny ta-han'ny menaka ratsy kolesterôly ao anatin'ny rà, ma-namafy ny hery fiarovana izany. Mahay misafidy menaka tsara: mila menaka ny vatana fa diso ny fi-fadiana azy tanteraka. Tsy maintsy safidiana tsara kosa anefa : mitondra menaka tsara ho an'ny vatana ny trondro matavy, ny zavoka, ny menaka colza sy menaka oliva. Fadiana kosa ny sakafo matavy hafa toy ny kiendiendy, ny charcuteries, ny "viennoiseries" sy ny vokatra vita amin-dronono sasany.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Marolambo any amin'ny faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Marolambo any amin'ny faritra Atsina-nana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androa ny. Renivohitry ny distri-kan'i Marolambo ity tanàna ity. Any amin'ny tapany atsimon'ny faritanin'i Toamasina teo aloha no misy ity tanàna ity, tanàna azo lazaina ho mitoka-monina satria ratsy dia ratsy ny lalana mankany avy any Ma-hanoro, indrindra amin'ny fotoam-pahavaratra. Vy any Antanifotsy faritra Vakinankaratra no andeha-nan'ny olona mankany rehefa fotoanan'ny Asara. Mahavoka-bary ny any an-toerana, ny vokatra fa-nondrana koa: toy ny kafe, ny jirofo, ny lavanila. Ma-nana seranam-piaramanidina ihany koa Marolambo, saingy tsy miasa ankehitriny, noho ny nanafoanan'ny Air Madagascar ny sidina maro teto anatiny.



## Jaona 14: 12

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 118), Madagasikara 11 martsa 2019

***Jaona 14: 12 "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray".*** Aza adino ary fa nitory FIBEBAHANA JESOSY. Nitory koa IZY mba ho fahazavana hianareo, izany hoe: vavolombelona, ***Matio 5: 13-14***. I JAONA moa dia nampianatra ny olona fa JESOSY no manao Batisan'ny Fanahy Masina sy ny AFO ary ny famelan-keloka, ***Lioka 3: 16***. JESOSY koa dia nanao Batisan'ny Rano. Ny dikan'izany rehetra izany dia hianatra izany lalany izany izay manohy ny ASAKO sy manompo AZY. Nanasitrana IZY sady nandroaka ireo tratran'ny fanahy ratsy koa. Nampianatra koa IZY, ***Lioka 20: 1***. Izany hoe nasehony avokoa sady niainany ireo ministera dimy. Toy izao ny fampianarany izay nolazainy tamin'ny fanoharana fito, ***Matio 13: 31-33.*** Vakio tsara ary ny fanazavana azy mba ho azon'ny olona tsara. ***Matio 10: 37-40.*** Eto AHO JEHOVAH dia efa te-hilaza aminao sahady hoe: **ny tena mpampianatra dia ireo mamoaka ny hevitry ny teny aram-panahy** toy io voalazan'i JESOSY momban'ny FANJAKAN'NY LANITRA io. JESOSY koa dia mbola nampianatra ireo mpianatra rehefa niantso azy ireo ka nanafatra mafy ka nanao hevi-panahy rehefa nanomboka naniraka ny Apostoly 12. Ka hoy IZY, ***Matio 10: 7-10*** *"Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana. Aza mitady volamena, na volafotsy, na varahina, ho ao anatin'ny fehin-kibonareo, na kitapom-batsy ho amin'izay haleha, na akanjo roa, na kapa na tehina; fa ny mpiasa dia miendrika hahazo ny haniny."* Toy izao ary ny dikan'ireo teny sy heviny. **Efa mby akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra= efa antomotra ny Famonjena. Sitrano ny marary= ampiasao amin'ireo izay reraka sy tsy manana fiadanana ny Fanomezam-pahasoavana. Atsangano ny maty= torio Fahamarinana ireo maty ara-panahy. Diovy ny boka= mivavaha ho an'ny mpanota. Avoahy ny demonia= roahy ny fanahy ratsy. Efa nahazo maimai-poana= efa voavonjy na nahazo famonjena tsy novidiana. Aza mitady volamena= aza manantena izay heverinareo hoe maharitra na tsara eo amin'ny fiainana. Volafotsy = aza mitady izay mamirapiratra na manjelanjelatra. Varahina= aza miankina amin'izay manodoka na mahasodoka, toa izy kanefa tsy izy, tsy marina. Ho ao anatin'ny fehikibonareo = sao dia mitahiry ireo ao antsikinana. Kitapom-batsy= sao dia manao tahiry mora simba. Amin'izay aleha= amin'ny asa atao, tsy mahatoky. Akanjo roa = manompo tompo roa, tena izy na hafa ihany koa. Kapa = izay mora simba sy mora rava, tsy manana fahavononana, miantehitra amin'ireo tsy azo antoka. Tehina = miankina amin'izay heverina fa matanjaka na olona na vola sns... Fa ny mpiasa dia mendrika hahazo ny haniny = tokony tsy misy mampanahy na mampitebiteby fa na iza izy na iza ka tena manao ny ASA fitoriana an'i JESOSY sy ny Fanjakany dia tsy maintsy omena izay rehetra sahaza ho azy, na inona izany na inona ilainy**. Tsarovy fa asan'ny Fanahy no manatanteraka izany rehetra izany fa tsy asan'olombelona velively.

Araka izany fampianarana nivoaka tao amin'i JESOSY izany dia toy izany koa no tokony ho fivoahan'ny fampianarana avy amin'izay tena mpampianatra. Izany hoe **ny tena mpampianatra dia mamoaka hevi-teny arak'izay omen'ny Fanahy Masina azy, dikanteny ara-panahy izany**. Ohatra, inona no dikan'ny Batisa? **Batisan'ny Rano = fandevenana ny ota ao amin'ny rano mandeha** mba halevina. **Batisa = dia mino sy manaiky fa JESOSY dia maty ary nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo ka niakatra ho any an-danitra**. Ity koa misy fampianarana anankiray izay tena sarotra amin'ny maro ny dikay. Ny atao hoe jentilisa dia ireo mpanota tsy mahalala fahamarinana, ***Asan'ny Apostoly 11: 2-3*** *"Ary nony tafakatra tany Jerosalema Petera, dia nila ady taminy ny mino izay isan'ny voafora ka nanao hoe: Efa niantrano tany amin'ny olona tsy voafora ianao sady niara-nihinana taminy."* **Voafora = ireo izay efa mino an'i JESOSY sy nandray ny TENY FIKASANA**. Hoy Petera, ***Asan'ny Apostoly 11: 5-9*** *"Tany an-tanàna Jopa aho ka nivavaka, ary azon-tsindrimandry aho, dia nahita fahitana, ka, indro, nisy zavatra nidina avy tany an-danitra toa lamba lehibe nampidinina tamin'ny zorony efatra, dia nankeo amiko izany; ary raha nijery sy nandinika azy aho, dia hitako ny biby etỳ an-tany, izay manan-tongotra efatra, sy ny bibi-dia sy ny zava-mandady sy mikisaka ary ny voro-manidina koa. Ary nandre feo koa aho nanao tamiko hoe: Mitsangàna, ry Petera, vonoy, ka hano. Fa hoy izaho: Sanatria, Tompoko! fa tsy mbola niditra tamin'ny vavako izay zava-padina na tsy madio.Ary nisy feo avy tany an-danitra namaly fanindroany hoe: Izay efa nodiovin'Andriamanitra aza ataonao ho fady."* Naseho in-telo izany fahitana izany ary toy izao no dikany. **Lamba fotsy = fanangonana ho iray ao anaty toerana madio**. Naseho an'i Petera izany mba ho hitany miharihary fandrao diso ny fiheviny. **Karazam-biby = noharina toy ny karazam-pahotana teo amin'ny olona**. **Noho izany tsy maintsy toriana ny karazan'olona sy ny firenena isam- bazan-tany efatra, izany no dikan'ilay zoron-damba nampidinina tamin'ny zorony efatra ka naseho mba ho hita**. Tsy misy fijerena tavan'olona na firenena ny famonjena. Hoy ilay feo ren'i Petera : mitsangana ry Petera, **vonoy ka hano = torio amin'ny olona tsy an-kanavaka ny Filazantsara mba hisy vokatra ny Famonjena**. Hoy i Petera, Sanatria Tompoko,tsy mbola niditra ny vavako izay zava-padiana na tsy madio. Izany no valin-teniny nohon'ny tsy fahalalana, ***Asan'ny Apostoly 11: 12***. Hoy ny Fanahy Masina : **tsy zava-padiana akory no tiana ho lazaina fa ny mba tsy hanavahana n'iza n'iza olombelona na firenena, fa izy ireo dia hovonjena amin'ny fahotany avokoa fa tsy zava-padiana tsy akory**. Teo no nisian'ny fitoriana tsy an-kanavaka mba ho samy hovonjena ny vazan-tany efatra. Azonao vakiana izay niseho teo amin'ireo mbola tsy nandray ny Teny Fikasana.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Matio 23:11*

*Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo.*

## TAFATAFA

## Fernand Cello

# Misy manimba ny TIM.K25 ny olona akaiky ny Filoha Ravalomanana

***Fanehoan-kevitry ny mpanao gazety Fernand Cello momba ny kandida depiogte TIM K25 any Tsiroanomandidy indray, no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany:***

Raha toa ka hiteny eto aho anio, dia aza raisina ho tsy fitiavana na fanakorontanana, satria efa niezaka niantso sy nampahafantatra anareo ny tena zava-misy marina aho, saingy misy olona roa na telo eo ho eo tena ratsy ary tia vola eo akaikin'ny Filoha Marc Ravalomanana. Tsindriko eto aloha fa izaho tsy manana olana amin'ny Filoha Marc Ravalomanana, sy ireo olona akaiky azy, ary raha nanampy anareo izahay dia tsy nitady tambiny fa resaka fitiavana no nanampianay anareo, eny fa na dia niafara tamin'ny fanenjehan'ny fitondrana anay aza farany iny.

Hita, ary tsikaritra fa misy olona ratsy sy tia tena ny ao.

Vakio sy henoy ary fa hitantara aho:

Olona maro no nandresy lahatra ny filoha Marc Ravalomanana mikasika ny kandida ao Tsiroanomandidy hoe tsy mety, satria nandritra ny fifidianana natao tany amin'ny "primaire "dia nisy fizaram-bola ka nahatonga azy ho lany, faharoa nanana olana tamin'ny antoko TIM ao an-toerana ny taona 2013 satria tamin'ny ora farany dia niala tamin'ny antoko ary nanao lisitra faha2 ana kandida tsy miankina iray tamin'izany. Hitan'ny olona ho nanao abus nandritra ny fitondrana HVM, indrindra fa tamin'ireo olona tsy nitovy fomba fijery taminy. Misy amin'ireo olon'ny antoko aza nilaza fa hoe voaenjika, ary fantatry ny olona maro fa TIM nivadika ho HVM, saingy ankehitriny niverina ho TIM.K25. Nanolotra anaran'olona tamin'ny filoha izaho sy ny namana iray, mba hampiravona ny disadisa ao an-toerana, ary tena resy lahatra izy, ka niteny hoe raha ianareo no miteny an'izay dia aleo fa soloina izany. Nangataka ny ho 2ème liste ao Tsiroanomandidy aho, saingy efa feno moa ny lisitra ka tsy nisy azo natao. Niantso ahy anefa ny olona akaiky ny filoha indray andro ho eny amin'ny QG, ka nanontany ahy raha afaka hanao 3ème liste aho satria izy hono no hanao 2ème liste satria efa niasa tao izy 25 taona lasa ka fantatr'olona tsara any, fa misy conditions maromaro kosa takiana amiko : mandoa caution 25 Millions, miandraikitra ny Productions rehetra ao amin'ny MBS, ary manampy amin'ny fampandehanana ny Campagne miaraka amin'izy ireo .Tsy nandà aho aloha fa niteny hoe aleo handinika.

Somary gaga ihany aho, satria efa 3ème liste mbola nasaina nanao an'ireo zavatra ireo, ary tafateny aza aho hoe raha mba niteny conditions



be tahak'izany koa moa izaho tamin'ny nanampy anareo ireny, nefa nataoko ilay izy nohon'ny Tanindrazana iombonana.

Ny antony tsy namaliako dia olona fantatro tsara ilay olona tokony ho Kandida, ary io no tian'olona any antoerana, efa niteny taminy ihany koa aho fa hanampy azy raha milatsaka izy.

Tsy resaka fitiavan-tseza ny ahy fa tanàna naha lehibe ahy ny ao dia mba tiako raha tena olona hanao zavatra ho an'ilay faritra no lany ary indrindra fa olon'ny TIM.K25 . Vao manomboka anefa dia mifanohitra tanteraka ny hevitro sy ny an'ilay olona akaiky ny filoha io satria izy toa te hanao izay handefasana ilay kandida iray na dia fantany aza ny olana misy ao. Nidina tany Tsiroanomandidy izahay, niezaka nanontany olona maro aho fa samy nilaza ny tao ampony ireo rehetra niresaka tamiko. Fahitako azy efa engagé ilay olona akaiky ny filoha ka namboariny ny Saiko na dia tsy mety manaiky aza . Niresaka foana izahay teny an-dalana nody, ary nampitaiko taminy ny zavatra henoko sy hitako tany, fa ny hany nasesiny dia hoe azo hatsaraina io, ary izy io no mety hatao Président TIM.K25 .

Efa tsy nasaina nandoa ilay vola 25 Millions intsony aho, fa nasaina hiandraikitra ny production rehetra mandritra ny Campagne ao amin'ny MBS Tsiroanomandidy, saingy tsy resy lahatra amin'ilay Kandida aho, ary eo ihany koa ny fiaraha-monina ao Tsiroanomandidy dia aleoko mijanona tsy manao 3ème liste.

Fehiny, mety tsy ao Tsiroanomandidy ihany io olana io no mitranga fa manerana an'i Madagasikara, ka mitodika aminareo olona akaiky ny filoha Marc Ravalomanana aho, sao dia avy aminareo ihany no hamotika ny antoko. Aza ahilika any amin'ireo solombavambahoaka teo aloha ny tsy fahombiazana, fa na izaho izao aza nanao ny aiko tsy ho zavatra nanampy fa niaraha-nahita ny zavanisy teto Madagasikara. Nahazo lesona aho, ary mahay mandinika, kanefa tsy mbola niteny aho hoe hiala akory . Samia mandinika ......

***Ny Valosoa***

VAKINIADIANA

## Mandry tsy lavo loha ny mponina noho ny asan-dahalo

Mandry tsy lavo loha ny mponina noho ny asan-dahalo sy ny asan-jiolahy amin'izao fotoana any amin'ny faritr'i Vakiniadiana, distrikan'i Manjakandriana iny. Andro maromaro izay dia notafihan'ny dahalo ny tany Ambohitrandriamanitra. Ny alahady alina lasa teo indray, ny tany Ambahamaro sy Ambotrinibe, izay mbola ao amin'ity distrika ity indray no voatafika. Tsy mandry alina ny mponina any Vakiniadiana noho izany trangana tsy fandriampahalemana izany. Ao ny matory an-tsaha mihitsy aza ny mponina sasany. Mampalahelo ny zava-miseho fa dia tena mirongatra ny asan-dahalo. Koa raha misy tompon'andraikitra ihany eto amin'ny firenena dia manaitra anareo, jereo izahay fa mijaly, hoy ny tarainan'ny avy any an-toerana.



*Mijaly noho ny tsy fandriampahalemana ny mponina any amin'ny distrikan'i Manjakandriana.*

**Ny Valosoa**

Faritra Atsimon'ny Nosy

## Hanome 5 miliara Ar isam-bolana ho an'ireo marefo ny PAM

Ho fanampiana ireo olona marefo any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy, hanome vola mitentina 5 miliara Ar isam-bolana ny PAM (Programme Alimentaire Mondial), na Fandaharan'asa erantany momba ny sakafo an'ny Firenena Mikambana. Olona marefo miisa 350000 no hiantefan'izany fanampiana izany any amin'ny distrikan'i Beloha, Ampanihy, Betioky, Ambovombe, Toliara ary Tolagnaro, olona izay tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo noho ny tsy fahampian'ny orana tany an-toerana nandritra ny taom-pambolena 2018 farany teo. Hoentina hividianana sakafo sy zavatra ilain'ny mponina andavanandro izao fanampiana izao, ka miara-miasa amin'ny PAM amin'izany ny orinasan-tserasera Airtel, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG avy eto an-toerana sy avy any ivelany ampolony eo.

**Aly**

Fahasalamana

## Saro-pady ary mila kojaina ny fandresena

"Hamarino ny fahenoanao", io no lohahevitra niompanan'ny fanamarihana Nasionaly ny andro manerantany ho an'ny fihainoana, izay natao tao amin'ny Commune Ambohibary, Distrika an'Antsirabe faharoa, faritra Vakinankaratra ny andron'ny 07 martsa lasa teo. Raha ny tetiandro napetraky ny firenena mikambana dia ny 03 martsa no tena andro manerantany ho an'ny fihainoana, fa saingy nilatsaka alahady izany tamin'ity taona ity dia izao nomarihana ny alakamisy izao. Ny fihainoana dia miantoka zava-dehibe eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, ny sofina no taovam-pandrenesana ahafahana mandray izany fihainoana izany, ka tsy tokony hatao ambanin-javatra. Tamin'izao hetsika izao ary dia nifanohana ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, ny Sampana Loterana momba ny Fahasalamana, na ny Salfa Ambohibao sy Andranomadio ary ny CBM, ho fanatanterahana ny hetsika. Araka ny nambaran'ny Dokotera Randrianasolo Théodore Médecin Chef ORL Salfa Ambohibao sy Andranomadio dia betsaka no azo atao tao Ambohibary tamin'ity hetsika ity toy ny fanadiovana ny sofina, ny fitsaboana ny mahakasika ny sofina rehetra. Ny sofina mandroatra na mivoaka tsiranoka no aretina fahita matetika eto Madagasikara, ary mila ampianarina dieny mbola kely amin'ny fanisinana lelo ny zaza mba tsy hisy fiantraikany amin'ny sofina any aoriana any. Maro ireo tolotra ara-pahasalamana nisitrahan' ny vahoaka teto : toy ny fizahana ny maso, ny fitiliana ny diabeta, ny fizaham-pahasalamana ankapobeny ary ny fizahana sy ny fanadiovana ny sofina izay maimaimpoana tanteraka. Ny fiaraha-miasa sy fiarahamiombon'antoka no tena zava-dehibe amin'ny fahasalaman'ny daholo be ka izany no antony nanohanan'ny CBM ity hetsika ity, nanamafy izany Andriamatoa Ranaivosoa Andry tompon'andraikitry ny fitantanambola ao amin'ny CBM Madagascar. Teo amin' ny CSB Ambohibary no nanatanterahana ny lanonana. Vory lanona teo ny vahoakan'Ambohibary sy ny manodidina, torak'izany ireo manampahefana avy any amin' ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, ka ny tale jeneralin'ny fisorohana ara-pahasalamana no nisolo tena ny Minisitra teto sady nitondra ny hafatry ny Ministera. Tanjona amin'ny taona 2022 dia hihena ny tahan'ny tsy fahasalaman' ny sofina eo amin'ireo zaza latsaky ny 5 taona. Ny talen'ny fampandrosoana ny faritra Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo no nisolo tena ny Faritra Vakinankaratra teto

**Lezama**

**SARIITATRA :** Tsy misy misongadina ataon'ity fitondrana ity hatreto




Zandarimariam-pirenena Mahajanga

## Vita ny famindram-pibaikona teo amin'ny mpitantana



*Ny famindram-pibaikoana tany Mahajanga.*

Nandritra ny filan-kevitry ny ministra ny 07 Marsa lasa teo, araka ny didim-panjakana lah. 115-2019, dia voatendry ho Komandin'ny Fari-piadidiam-paritanin'ny Zandarimariam-pirenen'i Mahajanga ny Kolonely Ralaivaonary Andrianosy Dy La Paix, hisolo ny Jeneraly Boto Lucien Maurice. Ny sabotsy teo no notontosaina teny amin'ny Bord de la mer Mahajanga Be, ny lanonana ara-miaramila famindram-pitantanana sy famindrana ny faneva sy ny sabatra fibaikona teo amin'ireo Komandy roa ireo. Nitarika izany ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, ny Jeneraly Richard Ravalomanana sy ny Komandin'ny Zandarimariam-pirenena. Nanotrona teny an-toerana ireo olom-panjakana avy ao an-toerana notarihin'ny Préfet an'i Mahajanga sy ny Mpisolotoerana vonjimaika ny lehiben'ny faritra Boeny, Bazezy Vanombe Clavelah, ary ny Ben'ny tanànan'i Mahajanga. Teraka ny 16 Aprily 1969 tao Soavinandrina, Antananarivo ny Kolonely Ralaivaonary Andrianosy Dy La Paix, manambady ary manan-janaka roa. Manana ny mari-boninahitra Chevalier de l'ordre de mérite sy ny Officier de l'ordre national ny tenany. Izy no Komandin'ny Fari-piadidiam-paritanin'ny Zandarimarian'i Mahajanga faha-24 ankehitriny. Fiadiana amin'ny tsy fahandriampahalemana no tena laharam-pahamehana napetrany amin'izao andraikiny vaovao izao. Nofaranana tamin'ny matson'ireo zandary any Boeny ny lanonana ara-miaramila teny amin'ny Bord de la mer, Mahajanga Be.

**Isambilo**

18 ka hatramin'ny 23 martsa

## Herinandron'ny Frankôfônia sy ny fiteny Frantsay

Ao anatin'ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Francophonie ny 20 martsa ho avy izao, hisy ny herinandron'ny Francophonie sy ny fiteny Frantsay hatao amin'ny Alliance Française Andavamamba ny 18 ka hatramin'ny 23 martsa ho avy izao. Hetsika maro samihafa no hatao mandritra izany herinandro izany : fampirantiana mahakasika ireo teny miisa 10 ny Francophonie, eo ihany koa ny fifaninanana mamaky teny na lecture ho an'ny ankizy 10 ka hatramin'ny 15 taona, ny fisoratana anarana dia efa nanomboka ny 1 martsa lasa teo ary hifarana ny 13 martsa izao. Ny fifanintsanana dia hatao ao amin'ny Alliance Française Andavamamba ny sabotsy 16 martsa izao, misafidy lahatsarotra 3 ireo ankizy mpifaninana, ka ho vakiany mndritra ny 3 minitra izany manoloana ireo mpitsara ny fifaninanana. Hisy ihany koa ny fifaninanana soratononin'ny Frankôfônia izay hitsinjara ho sokajy 3 : ho an'ny 10 ka hatramin'ny 14 taona (cadets) ; ho an'ny 15 ka hatramin'ny 18 taona (Juniors) ary ny 19 taona no mihoatra (adultes). Ny fifaninanana soratononina na dictée, iza hatao ao amin'ny AFT Andavamamba ny 23 martsa amin'ny 9 ora maraina. Fisantarana ny fanaovana ny lalao scrabble duplicate ny 21 martsa. Maimaimpoana avokoa ny fandraisana anjara amin'ireo fifaninanana ireo.

**Aly**



*Eto amin'ny AFT Andavamamba no toerana anisan'ny hanamarihana ny herinandron'ny Frankôfônia.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**09/03/19 hatramin'ny 1603/19**

- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 885-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

CENTRE UNIVERSITAIRE JÉSUITE AMBOHIDEMPONA

# Famelabelaran-kevitra ho an'ny tanora momba ny fitiavana sy fampandrosoana

Ho tohin'ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy dia nanatanteraka famelabelaran-kevitra sy fampianarana narahina fanontaniana, ho an'ny tanora eo anivon'ny fikambanana FIFITAMA sy Kintan'ny Gasikara, teny amin'ny Centre Universitaire Jésuite d'Ambohidempona ny Loholona, Brigitte Rasamoelina sy ireo mpiara-miasa aminy ny sabotsy lasa teo. Ny lohahevitra novelabelarina tamin'izany dia ny hoe « Tanora sy ny fitiavana manoloana ny fivoarana sy ny fanatontoloana ary ny soa-toavina Malagasy ». Koa satria ny tanora no antoky ny ho avin'ny firenena sy ny fampandrosoana, ary ny fitiavana no antom-pisian'ny olona sy iainan'ny olona indrindra fa ny tanora dia mifanandrify amin'izany indrindra no antony nisafidianana ity lohahevitra ity. Izao no natao dia nohon'ny fahatsapana fa manana andraikitra amin'ny fanabeazana maha olom-pirenena sy fitaizana ny tanora ny vehivavy mpanao politika, fa tsy hoe manao politika fotsiny, ka ny tanjona amin'izany dia ny mba hananana tanora matotra sy miorina tsara eo amin'ny fiatrehana ny fiainana, ka ho antoky ny fampandrosoana ny firenena. Marihina fa niaraniasa tamina ray amandreny am-panahy izy ireo tamin'ny fanatanterahana ity famelabelaran-kevitra ity.



*Ny senateran'i Madagasikara, Brigitte Rasamoelina sy ireo mpiara-miasa aminy, nanao famelaberan-kevitra tamin'ny tanora.*

**Aly**

Ethanol handrahoina sakafo

# Tsy ho takatry ny sarambabembahoaka ny vidiny

Anisan'ny nanamarika ny fanamarihana ofisialy ny andron'ny vehivavy eran-tany tany Mahajanga ny herinandro teo ny resaka angôvo avy amin'ny alikaola. Nisy ny fitokanana ny Foibe fivarotana fatana sy ny fandrehitra vita avy amin'ny fary na Ethanol izay vokarin'ny fikambanana sosialy Fitia tany an-toerana. Any Ampasika Mahajnaga no misy io toerana io. Afaka jifaina avy hatrany ny vokatra amidy ao, ka 10 000 ariary ny fatana, ary 3500 ariary ny litatra amin'ny fandrehitra Ethanol. Araka ny fanazavana dia maharitra roa andro ny fandrehitra Ethanol iray litatra izay ampiasaina handrahoina sakafo in-telo isan'andro. Raha atao ny kajy arak'izany, ao anatin'ny 1 volana, Ethanol 15 l no ilaina, raha ny vidin'izay dia 52500 Ar. Tsy ho takatry ny sarambabem-bahoaka noho izany ny fampiasana izany alikaola Ethanol izany handrahoina sakafo. Ny arina fandrehitra aza ankehitriny 14000 Ar ny iray gony, tena tsy takatry ny maro satria dia alainy amin'ny 500 Ar isan'andro izany.

**Ny Valosoa**

Sambava

# Simban'ny olona ny vatohara miaro ny morontsiraka


Simbain'ny olona amin'izao fotoana ny vatohara, na ny "barrière de corail" any amin'ny fari-dranomasin'i Sambava, renivohitry ny faritra Sava. Lasa akora amidy na ampiasan'ny olona amin'ny fanaovana lavapiringa ireto vatohara avy amin'io "barrière de corail" io, nefa anisan'ny miaro ny trozona tsy ho fefika ary indrindra indrindra toeram-ponenan'ny karazana hazandro sy zava-maniry an-dranomasina aman'arivony. Jeren'ireo tompon'andraikitra fotsiny izany famotehana ny vatohara izany ankehitriny. Raha potika anefa ny "récif corallien" dia ho maro ny zavamaniry an-dranomasina mety hanjavona sy ho lany tamingana. Hihena miandalana ny vokatra an-dranomasina rehefa potika ny vatohara ary dia ho very asa manaraka an'izay ireo mpanjono madinika any an-toerana. Marina fa lavanila no tena mampalaza ny any an-toerana, nefa tsy vitsy koa no mivelona amin'ny toekarena manga (économie bleue) toy ireo mpanjono. Manaitra ny tompon'andraikitra ireo mpiaro ny tontolo iainana any an-toerana hijery akaiky izao toe-javatra izao.

**Aly**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 274**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0273)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Andriana | - Vano (Miv) – Non(o) | - Alamo | - Or(a) – Sy |
| - Lay | - Isa | - Namanao | - Nanonja (Miv) |
| - Amalona | - Vohainay | - Diana | - Ako |
| - Manoroka | | - Lovia | - As – Anay |

### TENY MIFANARAKA N° 274



**Mitsivalana**

**1.** Kilalaon-tsaina **2.** Vato fotsy – Mpanondro molotra **3.** Lamban-drazana **4.** Androany (Miv) **5.** Anaty rano - Orinasa malaza **6.** Fanontaniana – Loko (Miv) **7.** Tovona – Dera atao amin'ny tânana **8.** Karazana areti-maso **9.** Ila, iry – Malaza amin'ny fahavaratra (Miv) **10.** Mitempo (Miv) – Mitranga amin'ny tsirairay (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Ravo – Seranana malaza **B.** Hazo maro – Vano tsy misy lohany – Tsirin-teny Mpifanao **D.** Nandatsahan'aina **E.** Biby fiompy **F.** Zato im-polo **G.** Kila – Olona ambony ao amin'ny orinasa (Miv) **H.** Hita amin'ny trano avo **I.** Malakia (BL) – Hekitara (Miv) **J.** Faran-teny – Karazana mofo madinika **K.** Mampiray – Faritra – Tsofoka

### Valiny Teny mifanaraka 0273

**Mitsivalana**

1 Mpanera - Fo **2.** Io - Matoa (Miv) **3.** Garaziko **4.** Or(a) - Nanola **5.** Karany - Oly **6.** Ota - Dona (Miv) **7.** RN - Basy **8.** Malaina **9.** Asa - Soa **10.** Voina - Tsio (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Migoka - Mav(o) **B.** Poana - Maso **D.** Ro - Lay **E.** Nianatra **F.** Zanany **G.** Rainy - Na **H.** Aoka - Mba **I.** Tolona - Sy **J.** Fa - Sola (Miv) - Os(y) **K.** Ome - Tadidy (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ireo kandida depiote TIM.K25 Boriborintany faha-2 tarihan'ny depiote Rastany.





Ny fampahafantarana ireo kandida depiote TIM.K25 ao amin'ny Boriborintany faha-4 teny Namontana ny sabotsy teo.






Ireo kandida depiote TIM.K25 Boriborintany faha-5, nanatitra ny dosieny teny amin'ny OVEC Nanisana.





Ny fampahafantarana ireo kandida depiote TIM.K25 Atsimondrana teny Antanimenakely Ampitatafika.

